REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

1960 61 2021 TAONA

**AMBASSADE DE MADAGASCAR EN ITALIE**

## FAMPITAM-BAOVAO SY FANASANA

Ny Masoivohon'i Madagasikara eto Italia dia manasa antsika Malagasy rehetra monina sy mipetraka eto italia sy ny firenena manodidina izay tafiditra ao anatin'ny seha-piadidian'ny Masoivoho handray anjara mavitrika amin'ny fankalazana ny « Andro Iraisam-pirenena hoan'ny Faritra » (Journées Internationales des Régions), taona 2021. Anjaran'ny Faritra **Sofia** sy ny faritra **Itasy** no handray ny fankalazana ny 23 hatramin'ny 25 septembra 2021.

Maro ny sehatr'asa sy ny seha-pihariana ary ny seha-pamokarana ho velabelarina manditra ny telo andro hanatanterahana ny fihaonana. Ho ampafantarina amin'io fotoana io ihany koa ireo tetik'asa efa misy any amin'ireo faritra roa ireo ary hitadiavana famatsiam-bola .

Koa mba tsy ho tompon-trano mihono sy hisitraka ny fanarahana feno ny hetsika fakalazana dia asaina isika diaspora Malagasy:

1- Hisintona (ao amin'ny tranonkalan'ny Masoivoho) sy hamaky ny Boky kely mamintina ny hetsika *Andro Iraisam-pirenena hoan'ny Faritra*, taona 2021.

2- Handray anjara feno amin'ny fanarahana mivantana ny fotoana avy amin'ny rohi-pifandraisana ... ny 23 hatramin'ny 25 septembra 2021 manomboka amin'ny 09 ora maraina any Madagasikara.

3- Hisafidy ny tetik'asa hitondranao anjara biriky amin'ny famatsiana loharanom-bola, famatsian-kevitra na fiaraha-miasa mahomby sy efa nahitana vokatra tsara

4- Hifamotoana sy hifanetana amin'ny fanaparitahana ny hetsika « *Andro Iraisam-pirenena hoan'ny Faritra* » izay hivondronantsika ho fampandrosona an'i Madagasikara.

Misaotra tompoko.

AMBASSADE DE MADAGASCAR
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
ROME

Via Riccardo Zandonai 84/A – 00135
Tél: +39 068 932 5880
E-mail: ambamadroma@gmail.com
ambamad-rome@diplomatie.gov.mg